



# Desambra 2017
## Ny kôminôten'Ambatondrazaka
### Ao amin'ny toeram-pandraisana Victoire Rasoamanarivo

Any amin'ny faritr'Antsihanaka (tanin'ny foko Sihanaka) dia mafana tokoa, na ny ravin'ny anana eny an-jaridaina aza main'ny hainandro.

Manahy mafy ny mpamboly noho ny haintany.Tamin'ny taon-dasa, tsy nirotsaka ny orana raha tsy ny volana Febroary. Zara raha nisy ny voka-bary ary na tany Antsihanaka izay sompitry ny vary any Madagasikara aza. Manana ny fomban-drazany ny Sihanaka. Andro fady ny Talata sy Alakamisy dia tsy miasa izy ireo. : Tsy mankeny an-tanimbary na eny an-tanimboly fa miasa kosa rehefa Alahady. Olana iray ho an'ny fiainam-piangonana.

Izany no mahatonga ny Diôsezy hanofana tanora mba handray andraikitra ao amin'ny Paroasy atsy ho atsy. Tonga amin'ity toerana misy anay ity, Victoire Rasoamanarivo, izy ireo indray mandeha isan-telovolana mandritra ny 10 andro isan-taona. Maharitra telo taona ny fiofanana. Tanora miisa 25 no vao nahavita fiofanana katesetika tamin'ity taona ity teto amin'ny toeram-piofanana. Sorona Masina miavaka no nankalazaina ny Alakamisy 19 ôktôbra 2017, ho an'ny famaranana ny fiofanan'izy ireo sy fanirahana azy.









Manana ondry 17 ity toeram-piofanan'ny Diôsezy ity. Fanomezana azon'ny Eveka rehefa manao fitsidihana pastôraly any amin'ny Fiangonana izy. Mitazona fivarotam-boky kely ihany koa izahay izay ividianan'ny olona boky vitsivitsy, sapile ary môdaly…ny pretran'ny Diôsezy ihany koa mividy hostia ao.



## *Misy masera telo sy tanora an-dalam-piofanana iray ny kôminôte-nay :*

Masera Chantal Tantely no tompon'andraikitry ny toerana. Izy no mandray sy mandamina ny asan'ny vondron'olona izay tonga.
Masera Marie Adeline manampy an'i masera Chantal amin'ny fandraisana, ao anatin'ny vaomieran'ny fanentanana ny fiantsoan'Andriamanitra ihany ko izy, (VAOFAFIA) mitondra kômônio ho an'ny marary ho an'izay mangataka. Izy moa no tonga farany ka mizatra tsikelikely ny hafanana.

Masera Marie Ange, Mpiandraikitra ny kôminôte, mandray anjara ihany koa amin'ny fianan'ny toeram-piofanana. Anisan'ny Filàn-kevitra pastôralin'ny Paroasy izy, ary mpikatroka ao amin'ny Ankohonam-Piangonana Velona sy mamangy marary. Izy no miandraikitra ny fitantana ilay tanora an-dalam-piofanana.

Linah, tanora miofana taona voalohany, mbola vaovao, mahandro sakafo, mikarakara ny akoho miaraka amin'i masera Marie Adeline sy mikarakara ny zaridaina kely miaraka amin'i masera Marie Ange.

Samy manana ny andraikiny ny tsirairay ary mifanampy mba hahavelona ity toerana ity… asa anarivony izay mitady ny tànanay sy ny fonay !

***Ny kôminôten'Ambatondrazaka***
toerana Victoire Rasoamanarivo

mirary " taona Apôstôlika " sambatra ho anareo

